“Tompo Allah ô, izay nomena fahefana hitantana ny vahoakako ka nankasarotra izany tamin'izy ireo dia ankasaroto ihany koa ny momba azy, ary izay nomena fahefana hitantana ny vahoakako ka mora sy tsotra tamin'izy ireo dia ankamorao ihany koa ny momba azy

Tatitra azo avy tamin'i Aicha (R.A) niteny hoe : Izaho naheno an'ny Mpaminany (S.W.A) niteny tato an-tranoko ity manao hoe : “Tompo Allah ô, izay nomena fahefana hitantana ny vahoakako ka nankasarotra izany tamin'izy ireo dia ankasaroto ihany koa ny momba azy, ary izay nomena fahefana hitantana ny vahoakako ka mora sy tsotra tamin'izy ireo dia ankamorao ihany koa ny momba azy".

[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Nangataka tamin'Allah (S.A.W) ho an’ ny Olona rehetra izay niandraikitra ny raharahan'ny mpino silamo, na kely na lehibe, ary izany andraikitra izany dia fiahiana amin'ny ankapobeny, na fiahiana amin'ny ampahany na manokana, ka nankasarotra tamin’izy ireo izy no sady tsy tsara fanahy tamin’izy ireo, dia Allah ilay avo Tsitoha hamaly azy mitovy amin'izay nataony dia hankasarotra izany aminy. Ary izay nalemy fanahy amin’izy ireo sy manamora ny raharahany, dia ho tsara fanahy aminy i Allah ary hanamora ny raharahany.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/5330